Izay mankany amin’ny mpisikidy ka manontany azy ny amin’ny zavatra iray, dia tsy ho voaray ny vavaka Swalat izay nataony mandritra ny efapolo alina”

Tatitra azo avy tamin'ireo vadin'ny Mpaminany (S.A.W) sasany, niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Izay mankany amin’ny mpisikidy ka manontany azy ny amin’ny zavatra iray, dia tsy ho voaray ny vavaka Swalat izay nataony mandritra ny efapolo alina”.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Mampitandrina i Mpaminany (S.AW) amin'ny fandehanana any amin'ny mpisikidy - izy io dia anarana ankapoben'ny mpisikidy, mpanandro, mpimasy, sy ny toy izany, izay milaza ny fahalalana ny tsy hita maso amin'ny alàlan'ny zavatra ampiasainy -, ary na dia ny fanontaniany fotsiny momba ny zavatra tsy hita dia hahatonga an'Allah hanaisotra azy amin'ny valisoan'ny vavaka nataony nandritra ny efapolo andro. Izany no saziny vokatr'io fahotana lehibe io.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5986